Gazette Tohiravina 7-Avril.pdf 1 07/05/2025 18:14:36

GAZETY
tohiravina
TERAKA

N°07 - Avril 2025

www.teraka.org - *maimaimpoana, tsy azo amidy*

Ireo Soatoavina Fototra TERAKA: 1.Marina isika / 2.Mahitsy isika / 3.Mangarahara isika / 4.Miasa an-tsitrapo isika / 5.Miasa amin'ny fifanompoana isika / 6.Miasa amin'ny teti-bola ambany isika mba hahazoana vokatra lehibe / 7.Samy tompon'andraikitra isika



TERAKA: HAZO VELONA, MPITARIKA VOAVOLAVOLA

Ireo lohatenin-dahatsoratra hita ao anatin'ity Gazety ity

1. FANDAHARANASA TERAKA: NY FIANTRAIKANY ARA-TONTOLO IAINANA SY AMIN'NY TOMBONTSOAN'NY BESINIMARO
2. NY FANANAN-TANY SY NY FISITRAHANA NY TOMBONTSOA KARBAONA
3. MPANAMPY KLASTERA : HOFANINA, SIVANINA ARY MIROSO AMIN'NY FANENTANANA ENY IFOTONY AVY HA-TRANY
4. FOMBA FIKARAKARANA NY HAZO VOAVOLY : Teknika nozarain'ireo mpikam-bana ao amin'ny Vondrona Madinika TERAKA any amin'ny Distrikan'ny Fandriana

Ity andiana gazety ity dia manome lanja ny tanjaky ny fandaharanasantsika: fomba fijery maharitra izay mikendry ny tombontsoa iombonana, ny firaisan-kina sy ny fandraisana andraikitry ny rehetra. TERAKA dia tsy mionona fotsiny amin'ny fambolen-kazo, fa manome vahana ihany koa ny fahafahana maneho hevitra, manome lanja ny soatoavina ary mampisy fanantenana. Ny fandaharanasa TERAKA dia mamporisika ny fiaraha-miasa, manome lanja ny talenta ifotony sy manorina tsikelikely ny fitarihana maharitra izay iantsorohan'ny fiaraha-monina.

Ankoatr'izay, TERAKA dia ahazoan'ny mpikambana tombontsoa mivaingana. Anisan'izany ny fidiram-bola maharitra azo avy amin'ny tombom-barotry ny famarotana ny tahiry Karbaona. Izany fidiram-bola izany anefa dia miankina amin'ny fisian'ny hazo velona eo amin'ny tany azo antoka. Antoky ny fahaveloman'ny hazo ny fananan-tany mazava sy nahazo fankatoavana ary tsy misy disadisa. Noho izany ry tantsaha namana, mamporisika anareo izahay mba hiroso tsikelikely amin'ny fahazoana taratasy manamarina ny maha tompon'ny tany na fahazoan-dalana hampiasa ny tany sy ny hazo. Izany dia mampahazo antoka ny fifandraisan'ny mpikambana, ny fitsinjarana ara-dalàna ny tombontsoa, ny faharetan'ny fambolen-kazo sy ny faharetan'ny fandaharanasa.

Ndao ary ho tohizantsika miaraka ny lalana ho amin'ny fandraisana andraikitra

Ny ekipan'ny fandaharanasa TERAKA

Gazette Tohiravina 7-Avril.pdf 2 07/05/2025 18:14:36

1.FANDAHARANASA TERAKA: NY FIANTRAIKANY ARA-TONTOLO IAINANA SY AMIN'NY TOMBONTSOAN'NY BESINIMARO

Anisan'ny mampiavaka an'ny TERAKA ny fanomezany lanja ny fiantraikan'ny fandaharanasa. Ny modely TERAKA dia mikendry hatrany ny fiantraikany tsara na eo amin'ny tontolo iainana izany na eo amin'ny mpikambana ao amin'ny Vondrona Madinika.



Mpikambana TERAKA manao fampiharana "marcottage"

"Miasa amin'ny teti-bola ambany isika mba hahazo vokatra lehibe", izany soatoavina izany dia mamporisika antsika hiainga amin'izay zava-misy eo am-pelantanana mba hahafahana miroso. TERAKA dia mamporisika ny tantsaha hifampizara ireo traik'efa ananany, hamoaka ny talenta sy ny fahaiza-manaony mba hahafahany miara-mivoatra. Mandritra ny fivorian'ny Klastera sy ny fivorian'ny Vondrona Madinika dia mifampizara ireo fomba fanao tsara ny mpikambana.

Izany rehetra izany dia manome lanja ny fahaiza-mamorona sy fahaiza-manaon'ny tantsaha. Tsy eo amin'ny fambolen-kazo ihany no ahitana izany fa amin'ny andavanandron'ny tantsaha mihitsy.

Ankoatr'izay, TERAKA dia manome lanja ny fahaiza-mitariky ny tantsaha. Voizina ato amin'ny fianakaviamben'ny TERAKA ny fifandimbiasam-pitarihana. Ahitana taratra izany eo amin'ny fihaonan'ny Vondrona Madinika sy eo amin'ny Klastera . Ny tsirairay dia manana fahafahana ho lasa mpitarika sy haneho hevitra ankalalahana. Amin'izany no anisan'ny iainan'ny mpikambana ny soatoavina manao hoe **"samy tompon'andraikitra isika".**

Ny fandaharanasa TERAKA arak'izany dia fandaharanasa maharitra manome lanja ny fitarihana ary mikendry ny tombontsoa iombonana.

2 .NY FANANAN-TANY SY NY FISITRAHANA NY TOMBONTSOA KARBAONA

Nahoana no mangataka ny momba-momba ny tanin-kazonao ny TERAKA?

Ny fandaharanasa TERAKA dia natao ho lovainjafy. Maharitra amam-polo taonany maro (40 taona) no hiarahany miasa sy mifanohana amintsika tantsaha. Tombontsoa marobe no ho azon'ny tantsaha mpikambana sy ireo taranaka fara aman-dimby amin'izany fiaraha-miasa izany.

Izao anefa, anisan'ny andry iray iankinan'ny faharetan'ny fandaharanasa ny firindran'ny fananan-tany. Ry tantsaha namana, mba hahafahan'ny hazontsika mitombo sy mitondra tombontsoa ho antsika ampilaminana mandritra ny taona maro dia mila azo antoka mialoha fa tompon'ny tany na manana zo na fahazoan-dalana hamboly hazo eo amin'ireo tany hovolenao hazo TERAKA ianao. Mba hahafahantsika mahazo ny anton'izany dia indro misy fanoharana kely. Raha hivarotra manga ohatra ianao dia tsy afaka hivarotra mangan'ny namanao fa afaka mivarotra kosa ny manga izay novolena tamin'ny taninao na manga azo tamin'ny tany nahazoanao alalana hamboly sy hioty ny vokatra. Toy izany ihany koa, ny rehefa mivarotra tahiry Karbaona izany hoe mivarotra ny rivotra maloto trohan'ny hazo velona dia mila azo antoka fa ny hazo dia novolena tamin'ny tanintsika na tany nahazoana alalana hamboly sy hisitraka ny vokatra. Ny taho, ny rantsana, ny faka ary ny ravina izay mitroka sy mitahiry rivotra maloto no oharina ho toy ny manga amidy eny an-tsena eto. Ny manga salama tsara no manome voany, toy izany ihany koa ny hazo velona no afaka mitahiry Karbaona afaka hamidy. Noho izany ry tantsaha namana, amporisihina isika rehetra mba hiroso tsikelikely amin'ny fahazoana ny antontan-taratasy izay manamarina ny maha tompon'ny tany na fahazoan-dalana hampiasa ny tany sy ny hazo. Manam-danja tokoa izany mba hiantohana ny fananantsika ny hazo sy ny fahazoana ny tombontsoa mifandraika amin'izany indrindra amin'ny fivarotana ny tahiry karbaona.

Azo atomboka amin'izay dingana tsotra indrindra izany, toy ny fahazoana taratasy fankatoavana maha tompon'nyhazo izay soniavin'ireo mpiray tanana, mpiara-monina ary ny fahefana ifotony. Ny mpikambana dia tokony hanana fahazoan-dalana hamboly sy hisitraka ny tombontsoa entin'ny hazo TERAKA .

Raha misy ny mampisalasala dia azo atao ny manantona ny tompon'andraikitra eo anivon'ny Fokontany.

Araky ny soatoavina izay iainantsika fianakaviamben'ny TERAKA hoe "samy tompon'andraikitra isika" dia mamporisika antsika izahay hiezaka amin'izay fomba mety ho vitantsika mba hahazoana antoka fa tsy hisy disadisa ny tany ambolentsika ny hazo TERAKA. Izany dia manamafy orina ny fifandraisan'ny Vondrona, ny fizaràna ara-drariny ny tombom-barotra ary ny faharetan'ny fambolen-kazo sy ny fandaharanasa.Ety ampamaranana dia atitranterina hatrany fa TERAKA dia tsy haka ny tany na ny hazon'ny tantsaha velively.

3 .MPANAMPY KLASTERA : HOFANINA, SIVANINA ARY MIROSO AMIN'NY FANENTANANA ENY IFOTONY AVY HATRANY

Tafiditra ao anatin'ny vinan'ny fandaharanasa TERAKA ny hampahaleo tena ireo Klastera rehetra isaky ny Faritra iasana. Ao anatin'ny fanatanterahana io vina io indrindra no nifantenana sy nampiofanana olona ary hanivanana azy ireo indray mba ho afaka misahana ny asan'ny Mpanampy Klastera. Araka ny anarana iantsoana azy dia manampy ireo Vondrona Madinika rehetra mandrafitra ny Klastera iandraketany ny Mpanampy Klastera. Manampy azy ireo hahazo tsara ny fandaharanasa; hanaraka ireo dingana tokony harahin'izy ireo toy ny fanasoniavana ny fifanarahana EMH; mitsidika azy ireo sy ny taninkazony mba hahazoana antoka fa manaraka ny fenitra ireo fambolena ny hazo toy ny elanelana 2m farafahan-keliny; manampy azy ireo hahay hanao ireo tatitra isam-bolana amin'ireo isan'ny hazo voavoly sy velona ary ireo zana-

Gazette Tohiravina 7-Avril.pdf 3 07/05/2025 18:14:36

kazo natao; manitatra hatrany ny ambahindahin'ny Klastera izany hoe ireo isan'ny Vondrona Madinika; miara-miasa akaiky amin'ireo Mpitarika 3 eo amin'ny Klastera amin'ny fanaovana ny tatitry ny Klastera; ary ny tena zava-dehibe tsy adino dia ny mitandro sy mitazona ny Klastera hiray fo sy saina hatrany sy ho mafy orina ary manintona ny maro.
Ny fanofanana ireo mpilatsaka ho Mpanampy Klastera dia notontosaina ny 03, 04, 06 Martsa2025 lasa iny. Manaraka izany dia nisy fampiharana nataon'ireo mpiofana mba hahafahany ny hahaleo tena sy hanasivanana azy ireo mba ho afaka hitondra avy hatrany ny anjara birikiny amin'ny fampandrosoana ny fandaharanasa. Rehefa fotoana fiofanana tahaka izao dia fomba fanao tsara ny TERAKA ihany koa ny manasa ireo mpiaramiombon'antoka misy any amin'ny Faritra iasana mba halalan'izy ireo misimisy kokoa ny TERAKA. Ho an'ny Itasy dia tonga nanatrika izany ny solotenan'ny ASA (Ankohonana Sahirana Arenina) Ampasipotsy sy ny DIABE, tetik'asa iray ao amin'ny programa AFAFI Centre, ny Alatsinainy 03 Martsa, tao Arivonimamo. Mankasitraka ny fahatongavan'izy ireo izahay. ASA dia fikambanana malagasy misehatra maha-olona. Ekena ho fikambanana ilaina amin'ny daholobe izy, ary manampy ireo fianakaviana tsy manan-kialofana na tena sahirana ao Antananarivo, Madagasikara, ho amin'ny famerenana ara-tsosialy indray. Ny tetikasa DIABE kosa dia tetikasa avy amin'ny Minisiteran'ny Tontolo Iainana sy ny Fampandrosoana Lovainjafy (MEDD), izay tanterahina ao anatin'ny fandaharan'asa AFAFI Centre.Toy izao ary ny fitsinjaran'ireo mpifaninana ho Mpanampy Klastera araka ny faritra misy azy avy :

- 21 mianadahy mianaka avy any amin'ny faritra Itasy – Vakinankaratra
- 6 mianadahy avy any amin'ny faritra Amoron'I Mania
- 4 mianadahy avy any amin'ny faritra Alaotra Mangoro

Andalam-panivanana izay ho mendrika ny ho Mpanampy Klastera ny mpampiofana ankehitriny ka anisan'ny fepetra hanasivanana azy ireo: ny famehezana ny antsipirian'ny fandaharanasa sy ny fahaizana mampita izany amintsika tantsaha, ny fahaizana mifandray amintsika tantsaha eny ifotony; ny fiainanaireo soatoavina TERAKA ;ny fahaiza-mandamina; ny fahaizana miasa amin'ny teti-bola ambany anefa ahazoana vokatra lehibe; ny fahaizana manao tatitra tsotra, mazava ary marina;ny fahaizanamikirakira irony fitaovana ara-teknolojia toy ny finday na ''smartphone'' irony ihany koa dia tombony manokana mba hahafahany manatanteraka ihany koa ny fanisana ny hazo sy mandrefy ary mitahiry ny mombamomba ny hazo velona sy izay antotan-kevitra ilaina hahafahana mahazo ny fanamarinana Karbaona.





Ny fandaharanasa TERAKA araka izany dia mamo-rona asa ho antsika efa mpikambana ao aminy ary manokatra lalana ho azy ireo ho lasa Mpanampy Klastera na Mpanisa hazo matihanina rehefa avy nanaraka fiofanana manaraka ny lenta sy ny fenitra takiana.
Ho ampitaina miandalana amintsika amin'ny Gazety manaraka ireo vokatra mahakasika izany. Raha amin'izao fotoana anoratana izao aloha, ho an'ny Faritra Itasy dia miisa 12 ireo izay nahafeno ny fepetra ho Mpanisa hazo, any amin'ny Distrikan'ny Soavinandriana ary nanatanteraka ny asa. Momba ireo Mpanampy Klastera indray dia ho ampitaina amintsika eo ihany izy ireo sy ny Klastera hiandreketany.
Mirindra tsara eto ny hevitra tiana ambara, araka ny ohabolana hoe: Raha mahay dia fianarana, fa raha tsy mahay feno arina.

4 .FOMBA FIKARAKARANA NY HAZO VOAVOLY: TEKNIKA NOZARAIN'IREO MPIKAMBANA AO AMIN'NY VONDRONA MADINIKA TERAKA ANY AMIN'NY DISTRIKAN'NY FANDRIANA

Manan-danja lehibe ato amin'ny fandaharanasa TERAKA ny hazo velona. Rehefa velona ny hazo dia afaka mitroka Karbaona sy manatsara ny fahadiovan'ny rivotra, mampihena ny vokatry ny fiovaovan'ny toetr'andro, misintona orana, manatsara ary mihazona ny hatsaran'ny tany ary mitondra zava-tsoa maro izay efa iarahantsika mahalala. Zava-dehibe noho izany ny fikolokoloana ny hazo mba hampaharitra azy.
Indro ary atolotra antsika ny toro-hevitr'ireo mpikambana ao amin'ny Vondrona Madinika TERAKA avy any amin'ny Distrikan'ny Fandriana izay mizara amintsika ny fomba fikarakarana ny hazo voavoly:

- **Fikarakarana ireo zanakazo ao amin'ny tanin-janakazo :** aza atao ambanin-javatra ny fikarakarana ireo zanakazo anaty tanin-janakazo mandritra ny volana maromaro itoerany ao mialohan'ny vanim-potoanan'ny orana. Izany dia hampatanjaka sy hahatsara tsiry ny hazonao.
- **Fiavàna :** avaina matetika manodidina ny hazo mba hiadiana amin'ny ahi-dratsy sy hanamora ny fitomboan'ny hazo.
- **Fanondrahana tany :** rehefa mamboly hazo ianao dia afaka maka tany avy amin'ny fototry ny hazo tranainy sy salama tsara mitovy karazana amin'ny hazo novolenao. Io tany io dia misy ireo zava-manan'aina tsy hita maso izay miara-miaina amin'ny hazo sy mandray anjara amin'ny fahavelomany. Rehefa amafazana ireo tany be otrikaina ireo ny hazo vao ambolena dia toy ny mahazo tso-drano avy amin'ny Ray aman-dreny.
- **Fanaovana aro afo mba hanadio ny manodidina :** diovina matetika manodidina ny hazo toy ny lalana mba hiarovana amin'ny fiparitahan'ny afo. Ity fomba fanao tsara ity dia tokony hampiharin'ny Vondrona Madinika sy ny isam-pianakaviana indrindra fa mandritra ny vanim-potoanan'ny doro tanety. Mifanampia isika amin'ny famonoana afo. Mifampiresaha amin'ireo mpiandry omby mba tsy hampidi-doza amin'ny doro tanety izy ireo indrindra raha misy rivotra mahery.
- **Fandratsanana :** esorina izay taho maty na be loatra mba hahatsara ny fitombon'ny hazo. Ahafahanao mahazo kitay hampiasaina amin'ny fandrahoana ihany koa izany.
- **Fanondrahana sy fandrakofana ny fotony :** Asiana bozaka na ravina maina ny fototry ny hazo mba hitahirizana ny fahamandoan'ny tany mandritra ny fotoanan'ny hain'andro. Tsara ihany koa raha somary latsaka 1 santimetatra amin'ny hazo ny tany manodidina azy mba hahatsara ny fitahirizana hamandoana. Rehefa manondraka dia amin'ny takariva. Izany dia mba tsy hahamay ny hazo ary ihany koa ahafahana miady amin'ny fanala mandritra ny ririnina. Arakaraky ny karazan-kazo dia tokony hanondraka indroa isan-kerinandro raha maina be ny andro ary indray mandeha isan-kerinandro raha raha azoazo ny hafanana.
- **Fanosohana izay maty :** sosohana izay hazo maty na marary mba hiantohana ny fitohizan'ny fambolena. Rehefa manosoka ny hazo maty na marary dia karazan-kazo mitovy no voleo na farafaharatsiny hazo mitovy lisitra. Ny hazo fihinam-boa ohatra sosohana hazo fihinam-boa.

- **Fiarovana amin'ny biby :** Arovy amin'ny biby (omby, ondry,...) amin'ny alalan'ny rantsan-kazo misy tsilo na amin'ny alalan'ny fefy ny tanin-kazonao. Mangataha fanampiana amin'ny mpikambana amin'ny Vondrona Madinika misy anao mba handroaka ireo biby izay hitany miditra amin'ny tanin-kazonao.
- **Fanasiana zezika :** rehefa avy manisy zezika dia tokony ho tondrahana matetika mba hidiran'ny otrikaina amin'ny faka ary koa tsy handoro ny hazo. Ny zezika simika dia manome vokatra vetivety nefa tsy dia tsara amin'ny tany loatra raha ampiasaina mandritra ny fotoana maharitra. Raha mbola azo atao dia mampiasà zezika natoraly toy ny kaompaosita na zezi-pahitra izay mampitombo ny otrikaina ao amin'ny tany. Mamporisika anareo tantsaha namana ary mba hikolokolo ny hazonareo sy ny taninareo ary ny Vondrona Madinika misy anareo. Ny fanaovanareo izany dia hanatsara ny kalitaon'ny fiainan'ny olona maro ary afaka ny mirehareha amin'izany ianareo. Manasa anareo ihany koa hizara ireo fomba fanao tsara sy ny traik'efa anananareo mandritra ny fivorian'ny Vondrona Madinika sy fivorian'ny Klastera .

Izany fandraisana anjara ifampizarana izany dia mampiseho ny firaisantsika hina sy ny fanolorantenantsika, ahatsapana ny soatoavina izay iainantsika dia ny hoe **" miasa amin'ny fifanompoana isika"**.

IREO FANONTANIANA MATETIKA MIPETRAKA

Inona avy ireo karazana hazo ekena ao anatin'ny fandaharanasa TERAKA ? Ny hazo mety hahatratra 2 metatra ny haavony no azo ekena. Ny kafe, ny kirihitra, ny akondro, ny volotsangana, ny papaye, ny tephrosia, ny mimoza dia tsy ekena. Manana karazana lisitra 4 isika azo ekena : lisitra maitso, fotsy, mena ary volon-davenona.

• LISITRA MAITSO : Tafiditra ao anatin'izany ny hazo teratany tsy tandindomin-doza (katrafay, ravintsara, harongana, fanazava, mantaly, tapia, lalona, Andrarezina, romemy,...) sy ny hazo mpamokatra ny vokatra ala tsy hazo (voankazo, voanjo, menaka, sns.), voahilika kosa ireo natokana hahazoana vokatra hazo. Ity lisitra ity dia ahitana hazo fihinam-boa toy ny zavoka, paiso, kaki, pibasy, …Ireo karazan-kazo ireo dia ahazoana fandoavam-bola mialoha ambony kokoa noho ny karazan-kazo ao amin'ny lisitra fotsy.

• LISITRA FOTSY : Manambatra ny karazana hazo teratany natokana hahazoana vokatra hazo izay tsy voasokajy ho manimba ny tontolo iainana. Ity lisitra ity dia ahitany ny kininina sy akasia, …

• LISITRA MENA : Ny lisitra menan'ny TERAKA dia ahitana ireo zava-manan'aina teratany marefo, tandindomin-doza, tandindomin-doza ho lany tamingana ary ireo atahorana ao amin'ny lisitra navoakan'ireo siantifika (IUCN) (ohatra: karambito, andramena na Dalbergia monticola, Dalbergia louvelii,...). Ny fandoavam-bola mialoha ho azy ireo dia mitovy amin'ny an'ny lisitra maitso. Ny tantsaha tompon' ny hazo ao amin'ny lisitra mena dia manana tombony hahazo Tombola amin'ny ankitsapaka izay hatao amin'ny lisitra mena isan-taona.

• LISITRA VOLON-DAVENONA : Manambatra ireo karazan-kazo tsy amporisihin'ny DREDD sy ireo mpitantana valan-javaboahary ao anatin'ny 2,5 km manodidina ny faritra arovana na faritra manankarena zavaboahary. Izany dia ahitana ny akasia,kininina, madiro, voandelaka,nimo, rotra, Bonara, albizara…

• LISITRA MAINTY : Manambatra ny karazan-kazo voasokajy eoan-toerana sy ofisialy ho manimba ny tontolo iainana. Ireo karazan-kazo ireo dia tsy ekena ao amin'ny fandaharanasa TERAKA.



Mpikambana TERAKA any amin'ny Kaominina Soavinandriana mikolokolo ny hazo voavoly

Hatramin'izao dia ny kesika (Pinus sp.), nygoavy ary ny grevillia mena (Grevillea banksii) no voasokajy ho ao anatin'io lisitra io.

Raha misy manimba na manapaka ny hazonay mpikambana ao amin'ny Vondrona Madinika dia inona no fepetra raisin'ny TERAKA?

Ny fandaharanasa TERAKA dia tsy afaka miditra amin'ny disadisa eny amin'ny fiaraha-monina. TERAKA dia tsy afaka mitsabaka ny andraikitry ny manampahefana ihany koa ary tsy afaka manelanelana. Na izany aza anefa, ny fomba fitantanana ao amin'ny Vondrona Madinika, ny soatoavina TERAKA, ary ny fihavanana Malagasy dia manampy ny tantsaha hamaha ireo olan'izy ireo. Ny antony iray ananganana ny Vondrona Madinika dia hamporisihana ny mpikambana hifanampy sy hiray hina. Ny tanjona dia mba hahatonga ny mpikambana ao amin'ny Vondrona madinika hifanohana arak'ilay ohabolana Malagasy manao hoe "mitabe tsy lanin'ny mamba".

VONDRONA MADINIKA TERAKA NY 17 APRILY 2025 : 552

Faritra	Isan'ny olona efa anaty Vondrona Madinika	Isan'ny Vondrona madinika	Isan'ny olona nisoratra anarana saingy mbola tsy anaty Vondrona Madinika
Amoron'i Mania	2 097	252	1 556
Alaotra Mangoro	650	89	1490
Itasy	1 477	193	2 860
Vakinankaratra	137	18	200
Totaliny	4 361	552	5 329

Marihina fa ny atao hoe mpikambana tafiditra ao anatin'ny mason-tsivana TERAKA dia ireo mpikambana efa anaty Vondrona Madinika. Ny mpikambana ofisialy dia ireo efa voamarina fa nanaraka fepetra ary efa nanao sonia ny fifanarahana ara-barotry ny Tahiry Karbaona.

TSARA HO FANTATRA

Ny tahirin-kevitry ny fandaharanasa TERAKA dia azo tsidihana ao amin'ny tranonkalan'ny TERAKA. Afaka tsidihinao izany ianao amin'ny alalan'ity rohy ity : https://www.teraka.org/vcs-ccb-project-documents.

Ho hitanao ao ny:

- Famintinana ny fandaharanasa TERAKA amin'ny teny Frantsay sy teny Malagasy
- Tahirin-kevitra fananganana tetikasa TERAKA (PDD) ho amin'ny fanamarinana.
- Lisitra ahitana ireo seminera sy fivorian'ny Klastera efa natao, ary ny lisitry ny gazety efa natonta,...

GAZETY tohiravina

TERAKA

212 route circulaire Ambanidia
101 Antananarivo

Fampafahantarana : TERAKA
Mpanoratra : RAKOTONIAINA Nambinina
RASOARIMALALA Soarifetra Fenosoa
Sary : © TERAKA
Lasitra : Groovy Artistik
Fanontana Printy : ECOPRIM, Ankorondrano
Tél, 22 320 89
Imprimé sur du papier Eco-Responsable FSC

TERAKA dia marika voaaro

www.teraka.org

Raha hiditra mpikambana TERAKA, antsoy ny laharana :
+261 (0) 34 88 142 35 / +261 (0) 32 03 945 00 / +261 (0) 33 50 854 11
Isaorana ny CEPF sy ny SAF/FJKM